**Sosokevitra mikasika ny fandaharam-potoana ho an'ny Sabata 07 0ktobra 2017**

I. Sabata maraina (Fanompoam-pivavahana)

- Toko sy andininy fototra: Matio 28:19, 20

- Toriteny na loha-hevitra azo dinihina amin'io fotoana io:
  - Mamadika izao tontolo izao
  - Mandehàna any amin'izao tontolo izao
  - Mandehàna . . . Ataovy mpianatra
  - Nantsoina mba hizara Azy

- Tantara ho an'ny ankizy:
  Ilay zazavavy kely mpanompon'ny vadin'i Namana. Noho ny fijoroany ho vavolombelona dia nahafantatra ny mpaminany Elisa i Namana sy nanao ilay dia izay nitondra fanasitranana ara-nofo ary ara-panahy ho azy (2 Mpanjaka 5). Mariho tsara fa zazavavy kely ilay resahina eto, kanefa dia nampiasain' Andriamanitra mba hanampy ny hafa sy hampahafantatra bebe kokoa ny momba Azy.

II. Sabata tolakandro

- Manoso-kevitra izahay mba hanokanana ora 2 eo ho eo ho amin'ny fifadian-kanina sy ny fivavahana. Avelao ny Fanahy Masina no hitarika mandritra io fotoana io. Azon'ny tarika maromaro atao ny manokana ny tolakandro manontolo raha tiany.
- « Méditation » na fandinihan-tena mialoha ny hivavahana.
- Ny loha-hevitry ny fivavahana ho an'ity telovolana fahefatra ity dia : « Miady ho an'izao tontolo izao. » Aoka tsy hohadinoina ireo antom-bavaka iraisana maneran-tany mandritra io fotoana hivavahana io.
- Raha mila fanazavana na fitaovana fanampiny ianareo dia aza misalasala mankany amin'ny tranonkalan'ny « Fifohazana sy Fanavaozana » : https://www.revivalandreformation.org